MAHAMASINA

8

# NISY FIFANOSEHANA MAHERY VAIKA, 12 IREO NAMOY NY AINY

MARINA IZANY ! 7

MIHAZAKAZAKA !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg


Tsaroako ilay"... 2

RIMA



## NAMONO OMBY FA NANDENA OLONA TAMIN' NY AMANY


Laharana 7653 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 26 aogositra 2023


RADO RAKOTORAHALAHY 2



## NODIMANDRY TANY FRANTSA

LALAON'NY NOSY 2023 7

# TAO ANATIN'NY FAHAMENDREHANA



# NY LANONAM-PANOKAFANA

BASKET-BALL / FIBA

## TAFAVERINA AMIN' NY TOERANY NY FILOHAN'NY FMBB

3

ITAOSY

## EFA-DAHY NANDROBA 39 TAPITRISA ARIARY VOASAMBOTRA

4

CLÉMENCE RAHARINIRINA 8

## KANDIDÀ AMIN'NY FIFIDIANANA BEN'NY TANÀNA









## Tsaroako ilay"...

Rima

# Namono omby fa nahalena olona tamin'ny pipy

*Rima. Herimanjaka Tsilavo Manantsoa no tena anarany. Mpanoratra, mpikabary, mpampianatra taranja malagasy ary indrindra ny fandalana ny fomba malagasy sy ny fampivoarana ny maha olona ary ny sehatra politika izy. Ny fifehezana ny fomba sy ny fahalalana ny fototra maha malagasy no tena mampiavaka azy amin'ireo mpikabary. Izy no hitantara ny fahatsiarovany eto anio :*



**Namono omby fa nahalena olona tamin'ny pipy**

Nila ravinahitra tany Amboasary atsimo i Dada sy Neny, Dia tany izahay no nianatra... Mazava ho azy fa tanindazan'ny Antandroy any (manana ny fomba mampiavaka azy izy ireo). Fanaoko ny mivalandrano eny rehetra eny amin'ny maha zaza ahy... Indray andro nandena olona ilay mipetrapetraka amorondalana aho... Ka tsy nanaiky izy ireo fa nitaky omby tamin'i Dada sy Neny ho fanalana fady hono. Sady bedy sy voakapoka izaho tao an-trano no lany vola i Dada i sy Neny. (Fantiantoka roa sosona ny azy ireo: ny zanaka marary, ny vola lany) Fa tany ihany, rehefa mahita an'i Dada maka volombava aho dia mba nanao izany ihany koa izaho, kanjo voadidin'ny lame ny tarehy (mbola holatra kely eo amin'ny takolako eo hatramin'izao).

**Nandoa teo am-pilaharana nanangan-tsaina**

Fahatsiarovana tany ampianarana : nianatra tao amin'ny CEG Soamalaza Antsirabe aho... Tamin'izahay hanala BEPC dia nozaraina Testameta vaovao (ilay miloko manga ireny). Tonga maraina be aho fa maika ny hahazo ilay boky Masina. Nifanena tamin'ny namana efa lehibebe anefa (izaho moa somary kely indrindra tao ampianarana). Dia notaomin-dry zalahy aho hoe andao aloha hirevy kely vao makao fa tonga aloha loatra. (Sambako teo amin'ny fiainako izany hoe hisotro zavamahadomelina izany). Labiera iray vera sy toaka Klasika 2 sotro angamba raha betsaka no nosotroiko, di mamo tanteraka aho . Rehef tonga tao ampianrana dia nandoa teo ampilaharana hanangan-tsaina.

**Tsy asiana kabary tompoko fa eny avy hatrany**

Tany Ambohibary Sambaina Antsirabe no nitrangan'ity tantara iray voalohany ity. Teo amin'ny resaka kabary io : vao nanomboka nikabary ampanambadiana voalohany mihitsy aho tamin' izay. Tsy nahazo fa tena hoe ady ankabary no tany ka sahirana aho. Sorena kely ilay olona naka ahy, dia tsy nomeny ny hasin-teniko. Vao haingana koa teo amin' ny kabary ihany. Tsy nisy niteny ilay olona vao naheno hoe RIMA ilay mpikabary ao, fa vao niditra izahay, dia hoe tsy asiana kabary tompoko fa eny avy hatrany ny valinteninay.

**Nokotian'ny mpianatra dia menatra be**

Vao nanomboka nampianatra voalohany aho, teny amin' ny Anjerimanontolo dia nokotian'ny mpianatra. Menatra be aho, dia tsy te hampianatra mihitsy fa mitady hevitra ialana foana rehefa tonga ny anjarako mampianatra. Mitovitovy taona amiko rahateo ireo tanora nampianariko, ka misy aza no tsy mino hoe mpampinatra aho.

Teo amin'ny seho kanto indray dia nanahirana kely ahy ilay tangoronan'ny olona hoe haka sary sy ny sisa rehefa vita ny seho.

**Nangonin'i Fy**

Misaona ny zavakanto

# Nodimandry any Frantsa i Rado Rakotorahalahy

"*Maizina ny tontoloko, ny tontolon'ny mozika, mandria am-piadanana ranadahy mamiko loatra..*" hoy Nanie. Mankahery ireo akaiky azy « *Misaona. Ny Tarika Johary dia mapandre antsika ny fodiamandrin" i Rado Rakotorahalahy ( mpively amponga mroanaka ny Tarika Johary) tany Frantsa...Tena hoe trop be eee... tsy mino ny saina nefa moa izay ilay izy. (...). Handry am-piadanana i Rado* », hoy kosa ny tarika Johary ao amin'ny pejiny. Lavo ny andrarezina ary folaka andry niankinana ny mpankafy ny kanto sy ireo mpanakanto rehetra niaraniriaria taminy.

I Zara Rajaona kosa nilaza fa « *Tena tsy hita izay ambara . fihiràna. Mpilalao jazz, mpively aponga maro anaka, ary mpandrindra avo lenta. Ankina ny tena, satria dia samy nanotrona, nandray anjara, ary nitso-drano ahy tamin'ny fiakàrako antsehatra voalohany tamin'ny febroary 2012 izy mianaka ireo: Andrianaja Ramamonjy sy Rado Rakotorahalahy. Izao dia samy lasa izy ireo, nifanao 1 andro, toa nifamotoana?* ».



*Dia lasa koa i Rado Rakotorahalahy, mpanakanto matianina, monina any ivelany ihany, maro talenta, na ny fitendrena na ny*

Sombiny tamin'ireo fanehoam-pahatsiarovana nataon'ireo mpanakanto maro be ihany ireo voatanisanay ireo. Izy no nandao araka izany fa ny kantony mitoetra holovain'ny taranaka.

**Fy**

HOTSAKOTSAKOINA

"Mba fantatrao ve ny ivon'ny kodiarana ? Tsy mihetsika izy nefa ifaharan'ny rehetra. Dia toy izany isika. Aoka isika hihaino dia ho azontsika izay lazainy. Hahita fifaliana foana satria tsapan'ny olona fa azo itokisana, mpanampy tena ilainy. "

Ny Vetso (03 .06. 15)

("Demeurer immobile à écouter, c'est la tranquillité de l'axe au centre de la roue.")

Airtel Madagasikara

# Nanolotra fitavaona ho an'ny Zaza kambotin'ny Polisy



**Nandray ny fanomezana avy amin'ny Airtel ny Minisitry ny filaminambahoaka. CGP Fanomezantsoa Randrianarison.**

Fitaovana manaraka ny teknolojia vaovao toy ny, masinina fandraisana "conexion" internety no natolotry ny orinasan-tserasera Airtel Madagasikara ho an'ny toerana fitaizana zaza kambotin' ny polisy any Ambatolampy ny Alatsinainy teo miaraka amin'ny fisitrahana internety maimaimpoana mandritry ny taona iray. Tonga nandray izany tamin'ny fomba ofisialy ny Minsitry ny filaminambahoaka. Delegasiona mafonja notarihan'ny Tale Jeneraly mpisolo toerana eo anivon'ny Airtel Madagasikara, Heritiana Randrianarison no nanatitra. Ankizy 70, eo anelanelan'ny 4 ka hatramin'ny 18 taona taizana ao an-toerana no hahazo tombony amin'izany. Ho an'ny Airtel, tokony hanana fahafahana hianatra sy hianatra ny ankizy tsirairay. Momba ny tanjaky ny soatoaviny, indrindra ny Firaisankina, ny Fanajana ary ny Fahavitrihana, ary koa ny teny filamatra hoe "mihoatra ny eritreritra", Miasa mba hanomezana izany fahafahana izany ho an'ny ankizy marefo ny Airtel. *"Noho ny hetsika ara-tsosialy isankarazany nataonay dia efa manome fahafahana ho an'ny hoavy tsara kokoa ny ankizy maro. Mihevitra manokana ho an'ireo izay tsy manana fahafahana hitombo ao anatin'ny fianakaviana iray izahay"* hoy ny Airtel Madagasikara. Nisaotra ity farany ny CGP Fanomezantsoa Randrianarison. *"Tamin'ny alalan' izany fihetsika izany no nahatsapan'ireto zaza kamboty avy ao amin'ny foibe Ambatolampy ireto ny fitiavana sy porofo fa tsy irery izy ireo"*.

**Tiaray R**


A VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY

Siteny Randrianasoloniaiko

*Izy no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity*



Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 31 aogositra 2023.

Gazetiko

Lalaon'ny Nosy 2023 - Fanokafana ofisialy

# Sidonie sy Eric no voatendry nandrehitra ny afo

*Marihina fa mialoha ny nandraisan'izy mianadahy ny lelafo olympika ka nandrehitra an'izany teny amin'ny sahafabe, dia tanana atleta lahy sy Vavy maro miisa 23 no nifandimby nitondra azy.*



Teny Mahamasina omaly.

Nanetriketrika ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny andiany faha-11 ny Lalaon'ny Nosy 2023 mitondra ny lohateny hoe " FANDRESENA ao anatin'ny FIRAISANKINA sy FAHASAMIHAFANA ", izay fanintelony amin'izao no nampiantranoan'ny firenentsika ny fifaninanana (1990 - 2007). Nomena ny andraikitra farany, nandrehitra ny afo teny amin'ny "gradin" misy ny sahafabe ivoahan'ny lelafo mijoalajola mandritra ny folo andro hanaovana ny fifaninanana, ireo atleta mianadahy nitondra avo ny voninahi-pirenena tamin'ny fifaninanana iraisampirenena nandraisany anjara dia i Sidonie Fiadanantsoa (Atletisma) sy i Eric Andriantsitohaina (Fibatana Fonjamby). Marihina fa mialoha ny nandraisan'izy mianadahy ny lelafo olympika ka nandrehitra an'izany teny amin'ny sahafabe, dia tanana atleta lahy sy Vavy maro miisa 23 no nifandimby nitondra azy, nanomboka teny Soarano (Point Kilometrique 0) ka hatreny amin'ny kianjaben' i Mahamasina. Nandritra ny filaharana nataon'ny delegasionin'i Madagasikara, miaraka tamin'ireo firenena (La Reunion - Maurice - Seychelles - Comores - Mayotte - Maldives) mandray anjara amin'ny lalao, dia nitarika ny filaharana nitondra ny fanevam-pirenentsika i Laura Rasoanaivo (Judo), izay tiana ny mitondra fanamarihana fa amin'ny lanonandehibe ara-panantanjahantena tahaka izao dia ny mpilalao sy ny atleta nahavita dingana goavana ho an'ny fireneny tamin'ny fifaninanana iraisam-pirenena nataony no tendrena hitondra ny faneva. Ny solontena nanao ny fianianana, nanangana ny tanany havanana, teo amin'ny atleta dia i Claudia Rasoarimalala (Rugby) sy Njaka Raholijaona (Handisport). Ho an'ny mpitsara lalao kosa dia i Haja Ranaivoson (Basketball) sy Nathalia Rakotondramanana (Fibatana Fonjamby). Nidiram-potsiny ny "gradin" raha nandoavana 20.000 Ariary kosa teny " tribune centrale".

Kitra

**Fihaonan'ny "Coelacanthes"-n'i Comores sy ny "Hippocampes"-n'i Mayotte**

Nitombina tokoa ny eritreritray fa mbola misy kibay ankelika ny fifandraisana eo amin'ny kaomoriana sy ny mahorey teny amin'ny "tribune"- n'ny kianja Elgeco Plus By Pass. Ankoatra ny fanohanana ny ekipany avy dia niraradraraka ny fifandrangitana sy ny sy eson-teny toy ny hoe " Mbola andevozina sy voazanak'i Lafrantsa (....) " sy ny hafa ankoatra an'izany. Soa ihany fa nisy ny tafika malagasy (manao survetement), nanelanelana sy nampitony azy ireo fa raha tsy izany raikitra ny fikasihantanana teo amin' " Iran # Irak ".

Kitra

**Fihaonan'ny Barea sy Pirates**

Na dia tao anatin'ny fahatezerana sy fahasosorana tokoa aza no nandraisan'ny mpankafy baolina kitra Malagasy ny fitantanana ny lalao, nataon'ilay mpitsara kaomoriana, dia deraina kosa ny fihetsika nataony satria tsy nisy nanipy tavoahangy plastika sy ny hafa ankoatra an'izany teny ambony kianja, izay irariana ny hitohizan'ny fandresena tahaka ireny ka tsy hahavoasazy antsika.

Lalaon'ny Nosy

**Fandaharan-dalao faran'ny herinandro**

Fifaninanana amin'ny taranja bisikileta sy ny "Rugby à 7", ary ny haiady judo sy ny karate irery ihany, no tsy misy fihaonana amin'izao faran'ny herinandro izao amin'ireo taranja 20 hifaninanana. Tsy hary ho voatanisa etoana avokoa ny hetsika ataon'izy rehetra fa singanina ny taranja iraisana, izay mahasarika mpijery maro Sabotsy 26/08/2023 Baolina Kitra Kianja Elgeco Plus / 4 ora : La Reunion # Mayotte Kianja Mahamasina / 7 ora : Madagasikara # Maurice Volleyball Kianja mitafo Ankatso 10 ora : (V) Maurice # Maldives ; 12 ora : (L) Reunion # Maldives ; 2 ora : (L) Seychelles # Comores Alahady 27/08/2023 - Kianja mitafo Ankatso 10 ora : (V) Seychelles # Maldives ; 12 ora : (V) Madagasikara # Reunion ; 2 ora : Maurice # Comores Basketball Sabotsy 26/08/2023 - Lapan'ny Fanantanjahantena Mahamasina 11 ora : (V) Comores # Mayotte ; 1 ora 30 : (V) Seychelles # Maldives ; 4 ora : (V) Madagasikara # Maurice ; 6 ora 30 : (L) Madagasikara # Reunion Alahady 27/08/2023 - Lapan'ny Fanantanjahantena Mahamasina 3 ora 30 : (V) Mayotte # Maurice ; 4 ora : (V) Reunion # Seychelles ; 6 ora 30 : (L) Maurice # Mayotte.

Lalaon'ny Nosy 2023 Basketball 3x3 2 ora 15 : (V) Madagasikara # Maurice ; 2 ora 55 : (V) Madagasikara # Maurice ; 3 ora 45 : Madagasikara # Reunion ; 4 ora 35 : Madagasikara # Reunion Marihina fa ny fihaonana ataon'ny Ankoay lahy sy vavy ihany ireo mampahafantarina ireo

a.r

Karate - Lalaon'ny Nosy

# Niravona ny disadisa

Tsy niandry ela, ora vitsy taorian'ny antso nataon'ireo karatekas mandrafitra ny ekipam-pirenena, hiatrika ny Lalaon'ny Nosy, nisy ny fifanatonana teo amin'ny Minisitra ny fanatanjahantena, Resampa Haja André sy ny filohan'ny KOM, Randrianasoloniaiko, nisy ny fifampiresahana teo amin'ny roatonta, ka nahitana vahaolana. Taorian'ny fihaonana nanambara ny filohan'ny KOM, fa afaka mandray anjara avokoa ireo atleta rehetra tsy ankanavaka sy tsy misy fizarazarana. Anisan'ny mba nitolona ny hanaovana ity andiany faha-11 ity eto Madagasikara ny tenako, hoy izy. Nanambara ity filohan'ny KOM ity, fa 2% monja no herijikantsika eo amin'ny lafin'ny fampiantranoana ny delegasiona vahiny. Na eo aza izany, mankasitraka ny ezaka nataon'ny fitondrampanjakana Malagasy ny tenany.

Rabenaivo

Kanetibe - Lalaon'ny Nosy 2023

# Prisca sy Haja no solontenantsika amin'ny "tir de précision"



Aty amin'ny fotoana farany vao afaka nisioka ireto ekipam-pirenena Malagasy ireto.

Tontosa omaly tetsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena Mahamasina, ny fivoriana ara-teknika ho an'ny eo anivon'ny taranja Tsipy kanetibe. Tamin'izany no nanaovana ny atsapaka, nahafantarana ireo ekipa hihaona eo amin'ny fihodinana voalohany isam-bondrona sy ny tohin'ny fifaninanana. Tsiahivina, roa andro mialoha ny hanombohan'ny Lalaon'ny Nosy, neken'ny Federasiona Iraisam-pirenena ihany ny fandraisan'ny taranja Tsipy kanetibe anjara mandritra ity andiany ity. Ny alarobia lasa teo no nandefa taratasy manambara izany ny FIPJP, nalefany tany amin'ny federasiona. Izany rehetra izany no tanteraka dia teo ny ezaka sy asa nataon'ingahy Minisitra André Haja Resampa, nanao ny fifampiresahana sy fifandresen-dahatra tamin'ny filohan'ny FIPJP, Azema. Midika izany, anisan'ireo taranjam-panatanjahantena hifaninanana ny kanetibe. Efa fantatra, eny amin'ny Complexe sportif Vontovorona no hanatanterahana ny fifaninanana ho an'ny taranja Tsipy kanetibe, toerana nipetrahan'izy ireto nandritra ny fampivondronana, tetsy amin'ny boulodrome PAC Ampitatafika kosa no kiianja nikotranana. Raha hive-renana, 32 no isan'ireo nanaraka ny fampivondronana, 28 ny atleta (14 lahy sy 14 vavy). Ny 10 lahy sy 10 vavy ihany no handray anjara amin'ny Lalaon'ny Nosy.

*Eny amin'ny Complexe sportif Vontovorona no hanatanterahana ny fifaninanana ho an'ny taranja Tsipy kanetibe.*

Rabenaivo

Basket - FIBA

# Tafaverina amin'ny toerany ny Filohan'ny FMBB

Voafidy nandritra ny kongresy nataon'ny Federasionina Iraisam-pirenena amin'ny Basketball tany Manille (Philippine) ny 23 -24 aogositra 2023 ny komity mpanantanteraka mitantana azy amin'ny 2023-2027. Araka izany dia tafaverina amin'ny toerany, Vaomieran'ny Fampandrosoana indray, ny Filohan'ny FMBB, Atoa Jean Michel Ramaroson. Ankoatra an'izany dia nahazo Filoha vaovao ny FMBB, ka voafidy amin'izany toerana izany ilay Katharina ny Cheikh Saud Ali Thamidu. Ilay teratany alemana, Ingahy Ingo Weiss, mikirakira ny fitantanam-bola, kosa dia voafidy fanintelony amin'izany andraikitra goavana izany. Hiaramiasa amin'izy ireo Atoa Andreas Zagklis, misahana ny asan'ny Sekretera Jeneraly, miaraka amin'ireo Filohan'ny faritra dimy ka Atoa Anibal Manav no mitantana antsika afrikanina.

a.r


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 613/20-20)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 614/20-19)

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakojan-dakozia. Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 615/20-19)

* 033.92.035.13 / 034.89.917.62. Lamba, vy, fanaka, télé, alu, kiraro, poketra, kilalao, boky, debara. (G-BA 630/10-2)

* 032.55.802.52 / 033.40.011.06. Debara, kiraro, lamba, kilalao, fitaovan-dakozia, télé, radio. (G-BA 629/10-2)

* Fanaka, lamba, kiraro, TV, frigo, machine, bisikileta, entana an-dakozia. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 632/10-1)

### COURS

* Cours de coiffure acceléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 631/10-2)

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 628/3-3)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 626/6-5)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdu & puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 619/23-15)

* Sce vidange fosse sept, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 034.20.084.25 / 032.68.326.29. (G-BA 624/15-9)

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparat°, pompage, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 625/20-8)

Itaosy

# 39 tapitrisa ariary no voaroba, efa dahy voasambotra

*Ireto ihany koa no nanao fanafihana mpandraharaha iray teo amin'ny Kinininabe fokontany Antanetibe Kaominina Ambohidrapeto.*



Ireo jiolahy voasambotra.

Ravan'ny zandary ireo tamban-jotran-jiolahy mpanao fanafihana sy vaky trano eny distrikan'Antananarivo Atsimondrano. Efa-dahy lohandohany amin'izany no voasambotra. Izy ireto dia nandroba vola 39 tapitrisa ariary nandritra ny fanafihana indroa misesy nataony teny an-toerana. Raha tsiahivina ny tranga dia nisy vaky trano teny Itaosy Ambohidrapeto ny , volana febroary 2023 lasa teo . Entana maro isan-karazany no lasan'ireo olon-dratsy tamin'izany. Taorian'izay dia nisy ny fikarohana natao ary niara-niasa ny fokonolona teny an-toerana. Vokatry ny fanomezam-baovao avy amin'ny olona tsara sitrapo dia lehilahy iray no tra-tehaka, tao Ambodiampanga fokontany Antanetibe. Io farany no nohadihadiana ka nanoro ny namany izay niray tsikombakomba taminy. Fantatra fa anisany tambazotran-jiolahy manodidina an'Itaosy izy ireo. Tomponan'antoka tamin'ny fanafihana « cash point » teny Ambaniala Itaosy Kaominina Andranonahoatra, ny volana Oktobra. Very tamin'izany ny vola 13 tapitrisa ariary.

**Nidoboka**

Ankoatra izay dia izy ireto ihany koa no nanao fanafihana mpandraharaha iray teo amin'ny Kinininabe fokontany Antanetibe Kaominina Ambohidrapeto ny 11 jolay lasa teo. Very tamin'izany ny 26 tapitrisa ariary ary anisany namaky "Épicerie" izay nahaverezana entam-barotra sy fahitalavitra iray ny 14 aogositra lasa teo. Mbola nahatratrarana ireo entam-barotra vitsivitsy very tao amin'ity tranombarotra io ireto olon-dratsy. Mitohy ny fikarohana ireo jiolahy sisa tsy voasambotra. Efa natolotra ny fampanoavana ny raharaha ka voatazona vonjimaika eny amin' ny fonjan'antanimora izy efa-dahy ireo.

**Ariel D.**

Antsirabe

# Fiara crafter nivadika, olona am-polony naratra

Fiaran'ny koperativa "Contram Plus" ity tra-doza ity teo amin'ny lalana Tombotsoa, fokontany Tsaravavaka Kaominina Andranomanelatra Antsirabe II, omaly alina tokony tamin'ny 9 ora tany ho any. Olona 13 no voatery nentina hopitaly vokatry ny ratra nahazo azy ireo. Potika tanteraka ilay Crafter rehefa avy nivadibadika. Vaky ny fitaratra rehetra, nikarepotra ny vatan'ilay fiarakodia. Niparitaka eraky ny manodidina ny entan'ireo mpandeha. Fandehanana mafy loatra no ahiana ho nahatonga ity loza ity. Raha ny angom-baovao dia niala avy eto andrenivohitra hihazo an'Antsirabe io fiara io, saingy tsy tody soa tany an-toerana. Nanazava ny zandary no fa « Fiara fitaterana VIP » an'ny ity tratry ny lozam-pifamoivoizana ity. "*Fantatra koa fa mamo ny mpamily. Fiara nandeha foana (vide) avy any Antananarivo ho aty Antsirabe no nandray olona teny an-dàlana (izay tsy azon' ny fiara VIP atao mihitsy). Noho izany dia tsy misoratra anaty manifold ireo mpandeha rehetra. Vokatr'izany fisotroana izany dia nisy fandehanana mafy ka feno ny fepetra hanaovany tandrevaka*" : araka ny angombaovao avy amin'ny zandary vondrotobim-pileovana Vakinankaratra. Miroso ihany koa ny fanadihadiana ny raharaha.

**Misesy**

Misesy ny lozampifamoivoizana ary marihina fa ankoatra ilay tao Isandra RN42, sy Beforona RN2, ary ilay tany Arivonimamo RN1 dia izao indray fa nahitana tranga ihany koa ny RN7. Fotoana fialan-tsasatra izao ary betsaka ny fiara mivezivezy. Saika ho an'ny faritra avokoa mantsy ny ankamaroan'ny olona no manao fialan-tsasatra. Arakan y voamarina hatrany dia tsy fitandreman' ny mpamily ary olana aramekanika io hatrany no voalaza fa mahatonga ny tranga. Tsy handrenesampeo ny tomponandraikitra na dia tokony hisy fepetra raisina aza manoloana izao lozampifamoivoizana misesy loatra izao.

**Ariel D.**


Fahavoazan'ilay fiara !

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 250 - 08 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

### Lasopy vomanga sy voasarimakirana

Zavatra ilaina : vomanga 3, tantely 1 sotro lehibe, menaka 1 sotro lehibe, tongolo be 1, sakamalaho, tongolo gasy 4, ronono 1l, voasarimakirana 1, sira sy dipoavatra

Voasy ny vomanga dia teteho madinika. Voasy sy teteho koa ny tongolo be sy tongolo gasy. Maka vilany dia hafanao ny menaka ka endaso ao ny tongolo be, tongolo gasy, sakamalaho. Arotsahy ao ny vomanga sy ny tantely. Andrahoy 5 mn dia aroptsahy ao ny ronono. Ampangotrahy. Rehefa masaka dia potsero miaraka ireo rehetra ireo dia raraho ranom-boasarimakirana. Asio sira sy dipoavatra. Arosoy mafana fa tena tsara be sy mampody aina amin' izao ririnina izao.

Ambositra

# Nivadibadika ny fiara, olona iray maty, 15 naratra mafy

Namoa-doza indray ny taksibrosy ! Olona iray no maty tsy tra-drano ary 15 maratra mafy.Potika tsy nisy noraisina ilay fiara. Io ny vokatry ny lozam-pifamoivoizana teny amin'ny lalam-pirenena faha 41 (RN41), izay mampitohy an'Ambositra sy Fandriana teo amin'ny toerana somary ivelan'ny tanàna, atao hoe Imadikely, fokontany Ambohimpierenana kaominina ambanivohitra Tsarasaotra distrika Ambositra, afak'omaly alakamisy tokony tamin'ny 3 ora sy sasany tolakandro. Fiara Sprinter kaoperativa KOFIAM avy any Fianarantsoa ho any Fandriana ilay niharan-doza teo amin'ny « Pk 06+800 ». Fidinana sy fiolahana ny lalana no niala ilay arabe tokony nalehany ilay fiara, nivadibadika ka latsaka anaty hantsana. Hatreto dia noho ny fahatapahan'ny hisatra no nahatonga ny loza.

**Andrimaso**

Nijanona tampoka ilay hisatra ary ary tsy afaka nampiasaina intsony, hoy ny fanazavana voaray. Lehilahy iray sahabo ho 64 taona no maty teo no eo. Maro ny naratra izay efa nalefa notsaboina any amin'ny hopitaly CHRR Ambositra. Misokatra ny fanadihadiana ary notazomina atao andrimaso ilay mpamily , ary aorian'ny fitsaboana azy vao mandeha ny famotorana rehetra.

**Ariel D.**

" CARMMA " Andraisoro

# Feno 5 taona, hiezaka hitazona ny anaram-boninahitra

Nomarihina tetsy amin'ny trano fandraisam-bahiny « Carlton » Anosy ny fankalazana faha -5 taona ny tobim-pahasalamana fototra na ny "CSB-II Carmma" na ny "*Campagne pour l'Accélération de la Réduction de la Mortalité Maternelle en Afrique*" etsy Andraisoro. Ny alahady 20 aogositra 2023 lasa teo no tena ivon'ny tsingeri-taona saingy mbola mitohy ny fanamarihana izany, omaly. Tanjon'ny "CARMMA" etsy Andraisoro ny hitazona hatramin'ny farany ny faneva na ny anaram-bonahitra izay efa azony. Ity tobim-pahasalamana fototra ity no zandriny indrindra eto Antananarivo renivohitra ary anisany nampiavaka azy dia izy ireo no nahazo voalohany ho "*csb ii-amis de wash*". Izany dia nazahoany marim-pankasitrahana manokana, ny taona lasa teo. "*Ezahina tazomina avo ny faneva. Teny filamatra ny hoe « pour une prestation de qualiter et humaniser ». Izany hoe hipetraka ho manaram-penitra ny fandraisana ireo marary sy ny mpiarabelona na dia hopitalim-bahoaka aza ny « CARMMA » Andraisoro " :* hoy ramatoa Andrainasoa Ratsimamaho, izay Médecin chef teo aloha, sady tomponandraikitra serasera ao amin'ny district sanitaire. Marihina fa anisany nazahoan'ity toeram-pitsaboana ity marim-pankasitrahana ihany koa noho izy ireo nandray olona betsaka indrindra nandritra iny valanaretina « covid-19 » iny. Rehefa nampitahaina ny marary noraisin'ny boriborin-tany 6 teto andrenivohitra dia izy ireo no nandray tranga betsaka indrindra.

**Ariel D.**

**TATSY SY TAROA**

***# Nitrangan'ny lozam-pifamoivoizana tao amin'ny lalam-pirenena faha-25 pk111+200, fokontany Ambodifandramanana, kaominina Kianjavato, omaly tokony ho tamin'ny 3 ora tolakandro.*** Fiara sprinter avy any Farafangana ho aty an-drenivohitra no nivadika noho ny fahavakisan'ny kodiara aoriana ankavia. Mpandeha 18 no tao anatiny ka 11 tamin'ireo no naratra

***# Razana efa ho herin-taona hita teo akaikin'ny fasana, omaly tao amin'ny fokontany Ankilibe, kaominina Fotadrevo, distrikan'Ampanihy Andrefana.*** Fatin'olona tsy fantatra anarana izy io ary efa taolana sisa tavela teo amin'ny faritra nisy azy. Araka ny fahitan'ny tomponandraikitra azy dia efa ho herin-taona eo ho eo ilay olona no maty. Nalatsaka tao anatin'ny lavaka tokony ho iray metatra sy sasany eo ho eo ary izao vao nisy nahita.


**Ariel D.**

**MANAL'AZY DE MI'MEME**



## Sarisary zary tenany

*Tara be*




## Hatsikana an-tsary

*Teny gasy*





## Masoandro Miposaka

**Romana 4 : 13**

Fa tsy lalàna, fa fahamarinana amin'ny finoana, no nahazoan' i Abrahama sy ny taranany ny teny fikasana ho mpandova izao tontolo izao izy.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Ny hohavanina tsy misy, fa ny hiadiana betsaka.**

Il' n'est personne avec qui on pourrait se lier d'amitié, mais il est quantité de gens avec qui on pourrait se battre.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3033**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 9 | | | 8 | 7 | |
| 6 | 9 | | | 3 | | | | |
| | | 8 | | 2 | | | | 5 |
| 7 | | | | | | | | 4 |
| 2 | | | | | | | 5 | |
| | 8 | | 7 | 1 | | | | |
| | | | | 6 | 1 | | | |
| | | | | | 2 | | 9 | |
| 3 | | | | | | | 6 | 8 |

Valin'ny laharana **3032**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 3 | 5 | 1 | 2 | 9 | 7 | 4 | 8 |
| 9 | 8 | 7 | 5 | 4 | 6 | 2 | 1 | 3 |
| 1 | 2 | 4 | 8 | 3 | 7 | 9 | 6 | 5 |
| 4 | 6 | 8 | 7 | 9 | 3 | 5 | 2 | 1 |
| 3 | 7 | 9 | 2 | 1 | 5 | 4 | 8 | 6 |
| 5 | 1 | 2 | 4 | 6 | 8 | 3 | 7 | 9 |
| 8 | 4 | 3 | 9 | 7 | 1 | 6 | 5 | 2 |
| 7 | 9 | 1 | 6 | 5 | 2 | 8 | 3 | 4 |
| 2 | 5 | 6 | 3 | 8 | 4 | 1 | 9 | 7 |

Lalaon'ny nosy 2023

# Tao anatin'ny fahamendrehana ny lanonam-panokafana !

*Nanome toromarika hentitra ireo tomponandraikitra ny Filoham-pirenena mba handray fepetra manoloana ny loza nitranga teny Mahamasina.*

Nafana sy nakotroka ny fety nanamarihana ny lanonam-panokafana ny Lalaon'ny Nosy 2023 andiany faha-11. Tao amin'ny kianja Barea Mahamasina no nanaovana ity hetsika goavana aty amin' ny Ranomasom-be Indiana ity, ary nanokatra izany tamin' ny fomba ofisialy ny Filoha Andry Rajoelina. Nanome voninahitra ny lanonana teny an-toerana ny filoham-pirenen'i Kaomoro, Seychelles,



Ny Filoha Andry Rajoelina nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ny lalaon'ny Nosy.

ary Maorisy izay sambany no nisian'izany. Tamin'ny lahateny fanokafana izay nataony no nanipihan'ny Filoha Andry Rajoelina fa tao anatin'ny fahamendrehana no nandraisan'ny vahoaka malagasy ny lanonam-panokafana ity lalaon'ny nosy ity. *« Porofo izao fa mahay mandray vahiny isika ary reharehan'ny malagasy ny fandraisana ity lalao ity »*, hoy ny Filoham-pirenena. Namafisiny hatrany ny tso-drano natolony ireo atleta malagasy mandray anjara amin'ny lalao. *« Mba ho voalohany hatrany ny atleta malagasy amin'ny fandrombahana ny medaly volamena »*, hoy izy. Na teo aza ny hatsaran'ny lanonam-panokafana dia somary sem-drahoana ihany izany noho ny fisian'ny tranga nampalahelo tao ivelan'ny vavahady tamin'ny fampidirana ireo olona. Manoloana izany, nangataka segondra maromaro fahanginana tamin'ireo mpanatrika ny hetsika ny Filoha Rajoelina, natokana ho fanatsiarovana ireo namoy ny ainy noho ny fifanosehana teny Mahamasina. *« Ho lasan' izay anie ny ratsy rehetra »*, hoy izy. Nanome toromarika hentitra ny tenany ny amin'ny tokony handraisan'ireo tomponandraikitra rehetra fepetra mikasika ity voina ity.

**JUDD**

Kongresy HVM - Andraharo

# Mpikatroka 500 nangataka ny hilatsahan'i Hery Rajaonarimampianina

Nafana ny andro voalohany nanatanterahana ny kongresy nasionalin'ny Hery Vaovao ho an'i Madagasikara teny Andraharo misy ny foibe toeran'ny antoko, omaly. Nitarika izany teny an-toerana ny Filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina ary nanana solontena avokoa ny avy amin'ny faritra 23, izay nahitana mpitolona 500. Na dia tsy nambara mivantana aza, dia tsikaritra tamin'ny fomba firesaky ny birao politika nandritra izany andro voalohany izany fa kendrena hamoahana ny kandidàn'ny antoko HVM amin'ny fifidianana filoham-pirenena ity kongresy ity. Miainga amin' ny fandraisam-pitenena nifandimbiasana teny Andraharo, omaly mantsy dia tsy nisy tsy nangataka ny hirotsahan'Ing. Hery Rajaonarimampianina ho kandidà amin'io latsa-bato hatao amin'ny 09 Novambra io ireo mpitolona. Mbola tsy namaly izany teo noho eo hatrany io filoham-pirenena teo aloha io saingy nilaza kosa fa manana programa feno sy matotra ny tenany ary efa ampy traikefa amin'ny fitondrana ny firenena sady mahafantatra tsara an'ity tanindrazantsika ity sy ny ilain'ny vahoaka.

**Tsy matoky ny CENI**

Ambonin'izany, mbola napetrany hatrany ny fanontaniana hoe : *« tena tomombana ve ny fanomanana ity fifidianana resahan'ny rehetra ity, tena feno ve ny fepetra hahatongavana amin'izany fifidianana malalaka sy eken' ny rehetra izany, ahoana ny resaka lisi-pifidianana mbola miteraka resabe amin'izao fotoana izao, ahoana no hahatokisan'ny rehetra fa tena manao ny asany ao anatin'ny fahaleovantena tokoa ny HCC sy ny CENI ? »*. Dia ho hita eo ny tena fanapahan-keviny mikasika ny fifidianana sy izay mety ho fandraisany anjara amin'ity anio ity, aorian'ny fehinkevitra hivoaka vokatry ny kongresy ataony miaraka amin'ny HVM.

**Mamy R.**

Filatsahan-kofidiana filoham-pirenena

# Miala any ny paipaika hanasarotan-javatra miseho lany isan'andro

Taorian'ny didy navoakan'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana, nahazoana fanakianana avy amin' ny sokajin'olona samihafa dia taitra indray afakomaly ny kandidâ, rehefa nampahafantarin'ny tompon'andraikitra avy ao amin'ny sampandraharahan'ny hetra ny antontan-taratasy takiana amin' ireo kandidà hirotsaka hofidiana, amin'ny 9 nôvambra ho avy izao, araka ny sokajiny avy. Ny kandidà Masy Goulamaly dia anisan'ny nampiaka-peo ary nilaza fa efa nisokatra 2 andro ny fametrahana ny antontantaratasy vao ampahafantarina ny kandidà io fanambarana io. Ny famoahana io filazana io amin'ny ora farany dia ambaran'ny kandidà fa paipaika kendrena hanasarotan-javatra. Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe hampilamina ve ? Inona indray no paipaika manaraka?

**Hetran-trano sy hetran-tany**

Tsiahivina fa voalazan'ny fanambarana fa takiana amin' ny kandida manana laharam-pamantarana ara-ketra ny karatry ny mpandoa hetra ara-potoana sy ny taratasy mirakitra ny mombamomba ny filazana ara-ketra ary ny fandoavana ny hetra sy ny haba notontosaina, miaraka amin'ny fanamarihana ny fandoavana hetran-tany sy hetran-trano isan-taona.
Ho an'ny mpiasam-panjakana dia takina aminy ny taratasy fandraisan-karama 3 volana farany, miaraka amin'ny fanamarinana ny hetran-tany sy ny hetran-trano. Ny mpikarama amin'ny sehatra tsy miankina dia ny taratasy fanamarinana ny fandoavana IRSA, nohamarinin'ny ivon-ketra, misahana antontan-taratasin'ny mpampiasa sy ny fanamarinana ny fandoavana hetran-tany sy hetran-trano no takiana amin' izy ireo. Ho an'ny kandida hafa kosa dia ny fisoratana anarana ampitain-davitra, ahazoana laharam-pamantarana ara-ketra sy ny filazana ara-ketra ary ny fandoavan-ketra ho an'ny 3 taona farany no takiana amin'izy ireo, miaraka amin'ny fanamarinana ny fandoavana hetran-tany sy hetran-trano.

**V.R.**

## Marina izany !

### Mihazakazaka !

**Mihazakazaka ny raharaha eto amin'ny firenena ! Raha mihazakazaka mikarakara ireo taratasy ilaina amin'ny filatsahana hofidina ho filoham-pirenena ireo mpanao politika efa nanao fanambarana fa ho kandida, hatreto aloha mbola iray aloha no nahavita nanatitra izany eny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ! Eo am-piandrasana ny hahatongavan'ny mpihazakazaka etsy Ambohidahy amin'izao faran'ny herinandro izao satria misy ny mpiandry raharaha eny, mihazakazaka ny raharaha na izany eo amin'ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11 na izany eo amin'ny lafiny politika ! Amin'ity farany, mihazakazaka ny fanehoan-kevitra samihafa mikasika ny fifidianana izay ho filoham-pirenena. Na izany amin'ny alalan'ny hetsika na izany amin'ny alalan'ny fanambarana. Asa moa raha tafiditra anatin'izany ny tranga niseho teny amin'ny anjerimanontolo teto andRenivohitra ? Ny iaraha-mahita aloha, tsy mitazampotsiny ny fanjakana satria tonga teny ny mpitandro filaminana nandrava ny hetsika ho fiarovana ny fandriampahalemana eto amin'ny tany sy ny firenena ! Mahakasika ity farany, nisy mihitsy moa ny fivoriana natao natrehin'ireo rehetra voakasika izany ka nandraisana ny fepetra sy ny lamina hiarovana ny fandriampahalemana mandritra izao Lalaon'ny Nosy izao ! Indrindra moa fa manao sesilany ny kongresy sy ny fihaonana ao anatin'ireo andro mamarana ity volana aogositra izy. Anatin'izany rehetra izany, mihazakazaka ihany koa ny fanomanana ny fidiran'ny mpianatra na izany ho an'ny ray aman-dreny na izany ho an'ny tomponandraikitra ny fanabeazana ! Amin'ireo rehetra ireo, misy ny ho tonga fa misy ny hihintsana eny an-dalana, misy ny ho mpandresy ary misy ny ho resy !**

Herivonjy RAJAONAH

Mpiasan'ny Antenimierandoholona

# Hiroso amin'ny fitokonana raha tsy voaloa ny tambin-karamany

Araka ny efa rentsika teto ombieny ombieny dia mifamahofaho tanteraka ny zava-misy eto amintsika. Tsy misy fotoana tsy andrenesana tsikera avy amin'ny ankamaroan' ny olom-pirenena mikasika ny hoe tsy mitsinjo ny tombontsoa iombonana sady mifanohitra amin'ny laharampahamehan'ny vahoaka ny fanapahan-kevitra raisin'ny mpitondra ary tsy vitan'izany fa tsy mangarahara ny fitantanana. Ankoatra ny eny anivon'ny Oniversiten'Antananarivo dia miseho eny amin'ny Antenimierandoholona ihany koa izany olana izany raha ny fanambarana nataon'ny sendikan' ny mpiasa eo anivon'izany andrimpanjakana mpanao lalàna izany, omaly. *« Tsy mazava ny fomba fitantanana ny vola natokana ho an'ny Antenimierandoholona. Ankoatra izany, voahitsakitsaka sy voahosihosy tanteraka ny zo maha-olona ho anay mpiasa. Takianay ny zo sy ny tombontsoa tokony sitrahanay nanomboka ny taona 2017. Araka izany, hiroso amin'ny fitokonana mafimafy kokoa izahay raha tsy voavaha ny olana »*, hoy ny sendikan'ny mpiasa eo anivon'ny Antenimierandoholona tamin'izany.

**Mamy R.**


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Mahamasina

# Nisy ny fifanosehana nahery vaika, 12 namoy ny ainy

*Tsy voatohan'ny mpitandro ny filaminana sy ny tomponandraikitra intsony ny vavahadibe fidirana ka nisy ny nianjera, tao ireo voahitsaka.*




Nitera-doza ny fifanotofan'ny olona be loatra hiditra hijery ny fanokafana ny lalaon'ny Nosy tao amin'ny kianjan'ny Barea, omaly. Niteraka fifanosehana izany ka nahafatesana olona 12 ary nandratra olona am-polony eo hoe eo, araka ny antontanisa vonjimaika voaray. Raha ny hita teny an-toerana dia efa tomefy olona vao maraina ny kianjan'ny Barea Mahamasina. Nisy filaharana lavabe ary araka ny fantatra dia efa tsy antonina intsony ilay kianja. Tsy fantatra anefa izay zavatra nitranga tampoka fa toa nibosesika ny vahoaka marobe, tokony tamin'ny 5 ora tolakandro. Vokatr'izany dia tsy voatohan'ny mpitandro ny filaminana sy ny tomponandraikitra intsony ny vavahadibe fidirana ka nisy ny nianjera, tao ireo voahitsaka ary tsy ny olon-dehibe fa hatramin'ny zaza amambehivavy dia nifanitsakitsaka tao . Nihetsika nanao ny asa famonjena avy hatrany ny mpamonjy voina, nitondra ireo maratra. Minitra vitsy taorian'izay no efa hita fa nisy ny aina nafoy ary betsaka ny naratra mafy nentina haingana tany amin'ny hopitaly Hjra. Indrisy araka ny angombaovao voaray farany nandritra ny ora nanoratanay dia 12 hatreto no fantatra fa namoy ny aina.

Mbola mipetraka ny fanontaniana hoe , inona marina ny zava-niseho tampoka tao amin'ny vavahady? Nisy nanakorotana ve sa ny olona mihitsy no nifanosika tsotra izao, samy te hiditra hijery. Tsiahivina fa tsy vao sambany no nisy tranga fahafatesana tahaka ity tao amin'ny kianjaben'ny Mahamasina fa nisehoan'izany ihany koa ny andron'ny 26 jona 2019 ary raha hiverenana ny zavanisy dia olona 15 ihany koa no maty tamin'izany.

**Ariel**

Fiombonamben'ny Sendikàn'ny Mpiasa Malagasy

# "Aza mieritreritra hitondra firenena izay mpitondra tsy hanaraka ny tenin'ny sendikà"

*"Hanavotra ny firenena, hampanara-dalàna hampisy ny fanjakana tsara tantana izay no hitolomanay eto. Manomboka izao kosa raha misy mpitondra tsy manaraka izay tenenin'ny sendikà dia aza mieritreritra ny hitondra an'i Madagasikara ary tsy hanavahana na iza na iza izany. 1 tapitrisa mahery ny mpiasa miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana rehetra eto amintsika fa izay olona mieritreritra hitondra firenena manomboka izao dia manaraha lalàna sy ny rariny sy ny hintsiny ary hajao ny tananao raha mpitondra mihaino dia ny mpiasa rehetra no tananao. Raha ny tananao no tapahinao tsy ho afa-miasa intsony, ny vahoaka sy ny firenena no hijinja an'izay ka tsy ekena intsony izany Madagasikara mahantra izany. Tsy hanompo antoko na olon-tokana ny sendikà fa hanompo: vahoaka, ny tanindrazana sy ny firenena"*, hoy kosa Atoa Paolo Raholinarivo, filohan' ny sedikàn'ny "administrateur civil" eto Madagasikara tamin'ny mpanao gazety. Ny mpiasa Malagasy rehetra dia olona manam-pahaizana daholo, menatra ny FSMM satria dia fahadimy alohan'ny farany i Madagasikara ka voatery izy ireo mijoro, miombona hampiakarana ny lanjan'ny fitantanana ny firenentsika. Tsy hanao merisenera, na ho voavidy ny sendikà fa mpiasan'ny vahoaka ka ny firenentsika no tompoina.

**Tsy hanohana olona**

*"Ny FSMM dia mijoro noho ny fifanantonan'ny mpitarika sendikà Malagasy, naseho sy nasongadina fa tsy misy ny fiavahana eo anatrehan'ny sendikà Malagasy na eo amin'ny sehatry ny asa tsy miankina na eo amin'ny sehatry ny asam-panjakana. Ny toerana nivoriana dia niakatra tety Ambohitsaina, nifannarahana teo imason' ny rehetra ary nofidiana satria mametraka ny raharaha sendikaly ho avo ny mpitarika sendikà. Ny FSMM dia tsy misy ny filoha iombonana sy ny birao mahazatra fa dia fiarahamitantana, mitovy lenta ny rehetra"*, hoy Atoa Fama Razafimahazo, Sekretera Jeneraly lefitry ny sendikà SSM. Manentana an'ireo sendikà rehetra izay mijoro eto Madagasikara ny FSMM mba hanatevin-daharana ny FSMM. Tsy hanongana sy tsy hanohana olona ity sendikà ity fa mpiasa Malagasy mahatsapa fa latsaka ankaterena ny firenena ka hanavotra an'i Madagasikara amin'ny asa izay ataony. Ny asa anefa dia tsy ho vita rehefa tsy mifanandrify amin'ny tokony ho izy: ny hitantanana ny mpiasa na eo amin'ny sehatra miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana dia tsy hisy zavatra handeha amin'ny laoniny eto.

**HAR**

Fanadihadiana MODA

# Ankizy iray amin'ny dimy ao anatin'ny fahantrana lalina marolafy

Hita taratra any amin'ny faritra valo eto Madagasikara ny fahantrana mahazo ny ankizy amin'ny endriny maro ka anisan'izany Betsiboka, Melaky, Menabe, Atsimo Andrefana, Androy, Anosy, Ihorombe ary Atsimo Antsinanana. Araka ny fanadihadiana nataon'ny "Multidimensional Overlapping Deprivation Analysis" na MODA, ny 66,9% na ny roa ampahatelon'ny zaza Malagasy miaina anaty fahantrana amin'ny endriny maro. Tsy nisy fiovana izany tranga izany raha oharina tamin'ny 2018. Zaza iray amin'ny dimy na 18,4 isanjato kosa miaina anaty fahantrana lalina ary hita amin'ny sehatra maro lafy izany. Nisy fidinany izany taha izany raha oharina tamin'ny 2018 izay nahitana 23,7 isanjato. Betsaka kokoa izany trangana fahoriana sy fahantrana izany any amin'ny tontolo ambanivohitra satria tafakatra hatrany amin'ny 73 isanjato be izao raha 34,2 isanjato ho an'ny tontolo andrenivohitra.

Betsaka kokoa izany fahantrana lalina misy amin'ireo zaza izany raha tsy nahita fianarana na tsy ampy fahalalana ireo renimpianakaviana, torak'izay ihany koa ireo zaza taizandreny na ray irery na ihany koa ireo ray aman-dreny nisara-panambadiana. Tsy fahampian-tsakafo, rano na ihany koa fahasalamana no tena misongadina indrindra ao anatin'io fahantrana lalina io araka ny fanadihadiana ihany. Nampahafantarina omaly ny fanadihadina nataon'ny minisiteran'ny toekarena sy ny vola niarahana tamin'ny Instat ary notohanan'ny Unicef ara-bola sy ara-teknika. Notanterahina tamin'ny alalan'ny antontankevitra navoakan'ny EDS 5 ity fanadihadiana fanarahamaso ny ODD 2.2 ity. Tokony ho jerena manokana eo anatrehan'izany ny fahasalamana, rano, sakafo, fotodrafitrasa, fanabeazana, trano fonenana ary ny fifandraisana raha tiana ny hanova ny toe-draharaha sy ny fahoriana iainan'ireo zaza ireo.

**Nath**

Clémence Raharinirina

# Kandida amin'ny fifidianana ben'ny tanàna



**Naneho firaisankina hanohana an'i Clémence Raharinirina ireo mpisehatra amin'ny fitaterana " Taxi ".**

Vonona hifaninana amin'ny fifidianana ben'ny tanàna eto Antananarivo Renivohitra ny mpanolontsaina monisipaly, Clémence Raharinirina. Omaly, teny Antohomadinika, nanao fanambarana ofisialy ny tenany fa kandida amin'ny fifidianana, izay hatao amin'ny martsa 2024, araka ny tetiandro efa nofaritan'ny CENI, na Vaomiera mahaleotena misahana ny fifidianana. *"Efa ela no nitsiry tato anatiko ny finiavana hitondra anjara biriky amin'ny fitantanana ny tanànan' Antananarivo. Efa tamin'ny taona 2019 aho no naniry ny hifaninana, saingy ny lafiny arabola foana no olana ka lasa ireo mpanao pôlitika mpanam-bola no mahazo toerana fa tsy ny olona tena vonona sy vanona. Efa ananako ny fahavononana sy fahavitrihana fa ny hoenti-mananana no ezahina tsikelikely mandra-pahatongan'ny fotoana."*, hoy i Clémence Raharinirina. Nanao fanambarana koa ireo mpisehatra ao anatin'ny asa fitaterana "Taxi" manohana ny filantsahankofidiana an'ity kandida nanao fanambarana voalohany ity noho ny fahatsapan'izy ireo fa afaka hitondra vaha olana manoloana ny fahasarotana sedrain'izy ireo ankehitriny ny olona tohanany. Maherin'ny 5 000 ireo taksy mpikambana ao anatin'ny FTAR (Fikambanan'ny "Taxi" eto Antananarivo Renivohitra), izay tarihin'i Clémence Raharinirina. Nifanentana ireto farany amin'ny fitadiavana ny hoentimanana amin'ny fanomanana sy ny fiatrehana ny fifidianana ary nanokatra varavarana ho an'ireo mpiara-miombona antoka mitovy fomba fijery amin'izy ireo amin'ny fampandrosoana ny tanànan'Antananarivo. Tsy mbola nilaza ny antoko pôlitika hanolotra azy amin'io fifidianana io ity kandida ity, saingy efa nisy ny taratasy fangatahana nalefa tany amin'ny TIM sy ny RMDM.

*Hotohanan'ireo mpisehatra amin'ny asa fitaterana "Taxi".*

**R. Muray**

Oniversiten'i Toamasina

# Amin'ny 11 septambra 2023 vao miverina ny fampianarana



**Ny oniversiten'i Toamasina. (Tahirin-tsary)**

Namoaka fanambarana ny oniversiten'i Toamasina fa noho ny fangatahan'ny mpianatra sy ho fanohanana ireo ankizy mpianatra atleta mandray anjara amin'ny andiany faha 11 amin'ny lalaon'ny Nosy, miato ny fampianarana any antoerana manomboka anio sabotsy 26 aogositra ary ny 11 septambra 2023 vao miverina amin'ny laoniny. Misy amin'ireo mpianatra mantsy no mandray anjara mivantana amin'izany toy ireo atleta, tsy vitsy ihany koa no manao asa madinidinika toy ny "hotesse" na manao asa an-tsitrapo maro karazany. Tsy miova kosa ny programa ho an'izay rehetra tokony hisitraka ny vatsim-pianarana araka ny drafitra navoakan'ny tomponandraikitra.

**Nath**